# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Oktobra 2018

# 15 Alatsinainy oktobra

**Maina ny ahitra, malazo ny voniny ; fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay.**
Isaia 40. 8

*(Hoy Jesosy Kristy :)* **Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona.** Marka 13. 31

**Ny Baiboly, vakoka ho an'ny zanak'olombelona**

Amin'izao fotoana izao dia heverin'ny sasany ho boky efa lany andro ny Baiboly. Ny hafa kosa anefa miaiky fa boky tena miavaka izy. Tamin'ny volana febroary 2010, tany Paris, dia nisy fampirantiana nampitondraina ny lohateny hoe : „Ny Baiboly, vakoka ho an'ny zanak'olombelona", nokarakarain'ny Fikambanana Mampiely Baiboly frantsay. Nahoana moa no lazaina ho izany ny Baiboly ? Ny hoe vakoka dia „lova avy amin'ny lasa, isitrahana ankehitriny, ary ampitaina amin'ireo taranaka mandimby". Mahafeno ireo fepetra ireo ny Baiboly. Marobe ny vokapikarohana momba ny fahagola, izay manaporofo fa marina ireo toejavatra ara-tantara voalaza ao amin'ny Baiboly. Eo amin'ny lafiny ara-kanto dia loharanon'aingampanahy ny Baiboly, ho ana mpanao hosodoko, mpanao sary sokitra, mpanoratra ary mpamorona mozika maro.

Fa ny fiteny hoe „vakoka ho an'ny zanak'olombelona", amin'ny olona maro, dia mampahatsiaro ny fankasitrahana ny asan'ireo izay nanamboatra izany. Ny Baiboly anefa dia manana fahefana ara-toe-panahy misongadina amin'ny olona rehetra, na dia ireo izay manohitra izany aza. Ary matoa ny Baiboly manana izany fahefana izany, dia satria tsy vokatry ny asan'olombelona. Tenin'Andriamanitra izy. Mamaly ireo fanontaniana fototra izy : Iza moa aho ? Avy taiza aho ? Ho aiza aho ?

Inona no anjara toerana omentsika ny famakiana ny Baiboly, io Boky tokana aman-jaio ?

„Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana" (2 Timoty 3. 16).